




# Andry RAJOELINA



ZARAIKO AMINAO IREO ASA VITA SY VINA HANOZANTSIKA NY FAMPANDROSOANA AN'I MADAGASIKARA

## MADAGASIKARA TSY MAINTSY MANDROSO



# 3

 **Andry  
RAJOELINA**







*Mankasitraka amin'ny fanohananareo, tsapako fa tena vokatry ny fo.*

# Édito



*Fifaliana ho ahy hatrany ny mifandray mivantana sy mifanakaiky amin'ny vahoaka*

## Ry Malagasy namako,

Nandritra izay dimy taona nitondrako ny Firenena izay dia niezaka isika nanatretra ny fahatarana lalina nisy tao anatin'ny 60 taona.

Nanangana fotodrafitrasa maro manara-penitra manakaiky sy ilain'ny vahoaka isika.

Nanao dingana lehibe isika teo amin'ny fanorenana teo amin'ny lafiny fampianarana, fahasalamana, fandriam-pahalemana, fampivoarana an'i Madagasikara ho moderna.

Tsy maintsy natao ireny ezaka ireny mba hametrahana fototra iorenan'ny fampandrosoana an'ity Madagasikara malalantsika ity sy ho fahasalamana ny vahoaka Malagasy.

Ho an'ny dimy taona manaraka kosa dia hiompama bebe kokoa amin'ny sosialim-bahoaka. Hitsinjo manokana ny fikambanam-behivavy, ny vehivavy mananontena, ny tanora, hanome fampiofanana ho an'ny olom-pirenena tsirairay avy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana eo anivon'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina ary ny Firenena.

Madagasikara andraisany tsirairay andraikitra no tanjona apetraka ary tsy hisy adiolo intsony ny Malagasy amin'ny asa fampandrosoana.

Izay no antony nametrahako ilay teny filamatra hoe « Isika rehetra tsy maintsy mandresy ary Madagasikara tsy maintsy mandroso ».

Latsaka lalina ato am-poko izany fikasana sy faniriana izany ary mino aho fa ny zavatra rehetra ankinina amin'Andriamanitra dia tsy maintsy ho tanteraka avokoa.

*Andry Rajoelina*



## ZAVA-DEHIBE LOATRA NY SEHATRY NY FAMPINANARANA ARY NAHAVITANTSIKA DINGANA LEHIBE

Ny fampandrosoana maharitra sy mirindra dia mifototra amin'ny fanabeazana ny vahoaka ao aminy



Faly sy ravo ireo ankizy mpianatra misitraka sekoly manarapenitra manerana an'i Madagasikara.



**39.687**

Mpampianatra noraisina  
ho mpiasam-panjakana

**106.431**

Mpampianatra nisitraka  
Tosika fameno



Nosokafana amin'ny lomba ofisialy  
ny fandaherana fampisakafoanana ant-sekoly.

Maro ireo zanantsika no mbola mandeha an-tongotra lavitra rehefa mamony toeram-pianarana. Misy amin'izy ireny no tsy manana sekoly akory fa mianatra eny ambany hazo, anaty trano mitafo lanitra sy mipetraka amin'ny tany.

Ny fampandrosoana maharitra sy minindra izay tantsika apetraka dia mifototra amin'ny fanabeazana ireo zanantsika. Maro ireo sekoly manarapenitra naorina, dabilio nozaraina, fampisakafoanana ant-sekoly napetraka, boky sy rakibolana nozaraina, mpampianatra noraisina ho mpiasam-panjakana.

Sarotra ny mianatra misy boky sy fitaovana koa maika fa tsy misy. Hita sy tsapa fa misy fiatraikany amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana ireo asa sy ezaka vita ireo.

Raha 140.035 no afaka BEPC tamin'ny taona 2018 dia 181.889 izany tamin'ity taona 2023. 129 374 ny mpianatra afaka bakalora tamin'ny taona 2023 raha 84.006 izany tamin'ny taona 2018.



**10.080.583**

Rakibolana sy boky fianarana nozaraina

**1.262.237**

Mpianatra nisitraka fampisakafoanana ant-sekoly



**4.198**

Editrano fianarana  
naorintsika  
manerana ny Nosy



**48.815**

Dabilio no napetraka teny anvon'ny sekoly rehetra



**11.500**

« tablettes » nozaraina  
ho an'ireo mpianatra sy mpampianatra

**1.815.671**

« Kits scolaires » nozaraina

**2.593.595**

Boky fanazaran-tana

**4.865.638**

« Cahiers de soutien scolaire »

**1.054.204**

Kitapo

“ Hotohizantsika hatrany izany ezaka izany. Ho amin'ny dimy taona manaraka dia hijery manokana ireo mpampianatra sy mpanabe aho. ”



Mahazika mpianatra 1200 ny EPP- CEG Soamandrakozay.



Manana kianja fialaovana baolina kitra ny EPP manara-penitra Ampasipotay Fenerive Est.



## SAROBIDY AMIKO NY FITANDROANA NY FAHASALAMANA SY NY AINA

Nataoko laharam-pahamehana hatramin'ny nitondrako ny Firenena ny fahasalamana amin'ny maha zo fototra azy. Isan'ny antoky ny fandrosoan'ny Firenena tokoa mantsy ny fananana vahoaka salama.



Mandritsara - Ihosy - Analalava - Mampikony - Ankilizato - Manandriana - Vohibato - Ambohimahasoa  
Ivohibe - Beloha - Vondrozo - Antsalova - Maintirano - Anivorano  
Maroantsetra - Mananara avaratra - Sambava - Ambilobe - Ambatondrazaka - Ambositra - Mananjary  
Manakara - Farafangana - Vangaindrano - Ampanihy - Bekily - Amboasary - Ihosy - Itaosy - Ambovombe

Tao anatin'ny 5 taona dia nametraka paikady maro isika mba hahafahan'ny vahoaka misitraka ireo tolotra ara-pahasalamana. Nahavita dingana lehibe isika tamin'ny fanorenana hopitaly manarapenitra sy CSB II manerana ny Nosy izay manakaiky sy ilain'ny vahoaka. Raha 16 ny hopitaly (CHU- Centre Hospitalier Universitaire) natsangan' ny mpitondra nifandimby talohan'ny niverenan'ny fahaleovantena hatramin'ny taona 2018 dia hopitaly manara-penitra 30 no natsangatsika tao anatin'ny 5 taona. CSB II miisa 123 no vita sy an-dalam-pananganana.



Hopitaly 10 no hisitraka scanner vaovao.



Novatsiana ambulance ireo distrika.



Natsangana ny laboratoara malagasy voalohany fitiliana ny aretina mifindra (covid 19, tuberculose, VIH, Paludisme, Peste, ...)



## NAMETRAKA NY « FONDS D'URGENCE »

izay nahafahana nikarakara merary miisa 185.000 sendra ny loza tampoka ka nahafahana nanome azy ireo fitsaboana voalohany maimaim-poana teny anivon'ny hopitaly rehetra manerana ny Nosy, hatrany amin'ny distrika, ny faritra sy ireo hopitaly lehibe.

1.213.871

Merary nisitraka eny ifotony fitsaboana, fitiliana, fizahana maso, ara-pananahana, ORL, nify (fanalana sy solony)

720.124

Olona notsaboina sy nahazo fanentanana tamin'ny alalan'ny Caravane Médicale nitoty fantra





## FIAHIANA ARA-TSOSIALY HO AN'NY ANKOHONANA TSIRAIRAY

“Manan-danja loatra amiko ny fifampitsinjovana amin'ny andro sarotra. Teo anilanareo foana aho, nitondra vahaolana sy nitsinjo anareo vahoaka taorian'ireo fotoan-tsarotra izay nolalovan'ny firenentsika : valanaretina (Covid 19), rivodoza, tondra-drano, Kere.



Famonjena ireo Malagasy traboina tany Mahajamba



Fizarana vatsy tsinjo sy hazavana ho anao tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ankililoaka - Toliara II



Fitsidihana ny CTC Ivato tamin'ny fandalovan'ny valanaretina Covid 19



Misitraka fiahiana ara-tsosialy ny fikambanam-behivavy



### ISAN'IREO OLONA NISITRAKA

Fanampiana noho ny haintany

**957.205**

Vatsy tsinjo

**1.969.610**

Fiahiana ara-tsosialy

**1.840.000**

Tosika fameno

**2.598.525**

Nandalo fotoan-tsarotra ny firenentsika nandritry ny 2 taona izay. Tao ny valanaretina Covid-1; ny rivodoza nifanesy **BATSIRAY - FREDDY - EMNATI**, ny fiantraikan'ny zava-mitranga any ivelany. Tsy nilavo lefona isika.

Teo anilanareo vahoaka Malagasy hatrany izahay mivady, nitondra vahaolana, nitady ny fomba rehetra hanampiana sy hitsinjovana ny isan-tokantrano.

Tao anatin'izany isika dia nanolotra Tosika Fameno sy Tosika vonjy aina, nanolotra ny Vatsy Tsinjo, nanao ny Asa avotra mirindra.

Maro ny Malagasy nomena tohana ara-tsosialy satria tena latsaka an-katerena noho ny zava-nisy teto amin'ny firenena.

Amin'ny dimy taona manaraka dia hanohy bebe kokoa ny fidinana ifotony aho ary tsy maintsy hitsinjo ny vahoaka rehetra amin'ny kaominina manerana ny Nosy. Tsy maintsy mifampitsinjo isika indrindra amin'ny andro sarotra.

Ho eo anilanareo mandrakariva aho ary tsy maintsy miara-mandresy ny fahantrana isika.

“Izay marary anao vahoaka dia marary ahy koa.”



**FANAMBY LEHIBE NO APETRAKO DIA HIZARA HAZAVANA AZO AVY AMIN'NY HERIN'NY MASOANDRO HO AN'IREO TOKANTRANO MBOLA TSY MANANA HERIN'ARATRA.**

**Tsapako loatra, ary marary ahy ny fahasahiranana'ireo Malagasy mbola miaina amin'ny fampiasana ny jiro kapoaka (pétrole) sy labozia.**



Jiro manazava azo avy amin'ny masoandro



Hanazava ny tokantrano rehetra



Fizarana tao Akililaoka Toliara II

### HAZAVANA HO ANAO

dia tetikasa napetraka efa dimy taona izao nitsinjarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro efa miaraka amin'ny « plaque solaire » azo ampiasaina tsara ao an-tokantrano ary ahafahana mamahana finday ihany koa.

Mandany 30.000 Ar isam-bolana ny tokantrano iray izay mampiasa labozia 4 isan-kalina.

Tombony be ho an'ny tokantrano koa izany raha 2.500 Ar ny vidin'ny litatrin'ny solika fandrehitra ankehitriny.

**Ny « Subventions » izay omena ny mpamatsy solika dia azontsika ampiasaina hamatsiana ny tetikasa HAZAVANA HO ANAO ho an'ny Malagasy.**

“

**Laharampahamehana amiko amin'ny 5 taona manaraka ny hametraka ny tetikasa HAZAVANA HO ANAO eny anivon'ireo disitrika rehetra manerana ny Nosy.**



FANAMBY LEHIBE NAPETRAKO NY FAHAFAHAN'NY TANORA MALAGASY MIOFANA SY MANOHY FIANARANA.

An-taonany maro no tsy nisy intsony fanorenana oniversite mendrika teto amintsika. Tsy maintsy hatao ny fomba rehetra tsy hampitsanga-menatra ny tanora malagasy te-handranto fianarana ambony.



Soavinandriana, Fenerive Est, Antalaha, Ambatondrazaka Maintirano, Antsohihy, Antsirabe, Ambovombe, Manakara

Dortoirs (toeram-ponenan'ny mpianatra)

Trano fatoriana mendrika ireo mpianatra eny amin'ny oniversite. Toliara, Morondava, Mahajanga, Antsiranana, Ankatso I, Ankatso II, Soavinandriana Itasy, Fenerive Est, Antsirabe, Fianarantsoa, Vontovorona, Toamasina



Nanao fanamby izahay mivady, amin'ny anaran'ny **Fondation RAJOELINA**, hanolo-tra oniversite lehibe indrindra eto Madagasikara izay hitondra ny anarana hoe **INSTITUT INTERNATIONAL DE LEADERSHIP ET DE MANAGEMENT**, izay afaka handraisana mpianatra mihoatra ny 400, hahitana amphithéâtre sy bibliothèque ary manaraka ireo fenitra rehetra ilaina tahaka ireo oniversite lehibe any ivelany. Ireo mpianatra mendrika isam-paritra dia hisitraka « Bourse d'excellence » ary hianatra maimaimpoana.



Nametraka fanamby isika ny hanome fanabeazana manara-penitra ho an'ny zanaka malagasy rehetra manerana ny Nosy manomboka any amin'ny fanabeazana fototra hatrany amin'ny fampianarana ara-teknika sy fampianarana ambony. Miteraka fahasahiranana ho an'ny ray aman-dreny anefa ny mampianatra zanaka lavitra rehefa tsy maintsy alefa mamoni ny renivohi-paritany ny tanora.



Eo ihany koa ny tsy fahampiana toerana intsony amin'ny ireo oniversite ireo sy ny tsy fahatomombanan'ireo trano fipetrahana.

Nitombo 40.000 isan-taona ny tanora mirenireny rehefa afaka bakalorea.

	2018	2023
Mpianatra afaka Bacc	84 006	129 374
Mpianatra afaka raisina	< 70.000	83.840

Izany no antony nananganantsika oniversite manara-penitra miisa 9 vaovao manerana ny Nosy sy trano fatoriana miisa 12 mendrika ireo mpianatra eny amin'ny oniversite.

Nanangana « Centres de Formation Professionnelle » maro manerana ny Nosy isika.



Ivotoeram-pampiofanana arak'asa manara-penitra miparitaka amin'ireo faritany enina eto Madagasikara



249.248 mpisitraka fanofanana arak'asa amin'ny sehatra samihafa.



# NATAO LAHARAM-PAHAMEHANA AMIN'NY ADY AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA SY NY FAMPITAOVANA NY FOLOALINDAHY

Vahoaka milamina no afaka mamokatra.



Nampikaikaika ny vahoaka nandritra ny taona maro ny tsy fandriampahalemana sy ny asan-dahalo indrindra teny amin'ny tontolo ambanivohitra sy ireo faritra mena.

Manoloana izany anefa dia tsy ampy ny fitaovana nampiasain'ny Tafika sy ny Zandary ary ny Polisy.

Izay no antony nanaovana dingana lehibe ho fampitaovana sy fametrahana paikady mba hiverenan'ny fandriampahalemana sy ny filaminam-bahoaka manerana an'i Madagasikara:

- ankoatra ireo fampitaovana maro samihafa novatsiana fiaramanidina Cessna 4 sy angidimby 4 anaovana fitsirihana sy « évacuation sanitaire » ny Tafika.

- nametraka sampandraharahan' ny filaminam-bahoaka sy « Bases Opérationnelles Avancées », « Détachement Spécial de Sécurité » teny amin'ny faritra mena isika.

Raha iray na roa isam-bolana ny fakana an-keriny teto an-drenivohitra, dia foana tanteraka izany ankehitriny.

- nitombo ny isan'ny omby any am-bala any niverina miompy ny Malagasy.



Isan'ny omby

	ISANDRA	AMBALAVAO	LALANGINA
2020	2.945	77.746	11.177
2023	3.300	87.108	25.863

“ Miverina mamokatra, miompy, mihary ny vahoaka malagasy indrindra fa eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Hotohizana ny asa fanatsarana sy fanamafisana ny fandriam-pahalemana. ”



63

Fiarra tsy mataho-dalana

Novatsiana fiara tsy mataho-dalana ny Tafika, Zandary sy ny Polisy



377

Kodiarandroa

Nomena moto ny mpitandro ny filaminana manerana ny Nosy



4 H130 vaovao  
B2 vaovao



4 Cessna

Tsy nanana fitaovana intsony ny tafika anambakabaka ka novatsiana angidimby 4 sy Cessna 4.



Nampitomboina sy niovaovaina ny fiavian'ny foloalindahy.



20

Bases Opérationnelles Avancées

22

Branche Policière de Sécurité



10 Bases Opérationnelles Avancées

150

Kaominina voarato

Napetraka eny amin'ny faritra mena ny Bases Opérationnelles Avancées.



Mpitandro filaminana vaovao noraaisina mpiasam-panjakana

29.800



## NY TANJONTSIKA DIA NY FAMETRAHANA FITSARANA TSY MITANILA MANAKAIKY VAHOAKA.

**Tsy maintsy mamaha ny olana mampijaly ny Malagasy tsy ankanavaka isika.**

Talohan'ny taona 2019 dia 42 ihany ny distrika manana Tribonaly.

Nampijaly ny olana mikarakara taratasy na manana raharaha eny amin'ny Fitsarana izany. Misy ireo mandeha an-tongotra lavitra vao mahita tribonaly. Misy ny miampita sambo mihitsy, tahaka ny mponin'ny Sainte-Marie ohatra izay voatery mankany Soanierana Ivongo rehefa misy anton-draharaha amin'ny Fitsarana.

Izay no nanangantsika fitsarana ambaratonga voalohany miisa 12 tao anatin'ny 5 taona.



Efitrano fitsarana TPI Sainte-Marie

### Fitsarana manarapenitra



Bealanana, Befandriana Avaratra, Ambatofinandrahana, Beroroha Mahanoro, Mananara Avaratra, Ambilobe, Antananarivo Avaradrano, Besalampy, Belo Tsiribihina, Sainte-Marie, Sambava.

30.379 ny isan'ireo voafonja ankehitriny, kanefa dia 1.800 ihany no azo raisin'ireo fonja miisa 44 izay natsangana talohan'ny taona 2019. TSY EKENTSIKA izany. Na dia voasazy aza izy ireo, dia tokony hajaina hatrany ny zony. Izay no antony nanorenana fonja manarapenitra miisa 9.

**“ HO HENTITRA  
SY TSY HANDEFITRA  
AMIN'NY  
MPANAO KOLIKOLY AHO. ”**



Ny fonjan' Antanimora dia naorina talohan'ny nahazoana ny fahaleovan-tena. Olona 60 no ao anatin'ny efitrano iray.

### Fonja manarapenitra



Fianarantsoa, Ambositra, Belo sur Tsiribihina, Fenerive Est, Ihosy Avaradrano, Amboasary Atsimo, Imeritsiatosika, Toamasina



Nampitomboina ny velaran-tany azo hambolena amin'ireo « Camps pénaux » mba ahafahana mametraka fahaleovan-tena ara-tsakafo ho an'ireo voafonja.



Efitrano vaovao fahatany ireo voafonja



Toerana Fitsaboana



Lakozia



# LALANDRA MAMPIFANDRAY NY MALAGASY, LALANA FAMPIVOARANA AN'I MADAGASIKARA, NY LALANA TSARA KALITAO, LALANA MANAMORA NY FIVEZIVEZEN'NY MALAGASY SY NY VOKATRA



*Bye bye Godra ! Lalana sarotra, izay tsy nisy nahavita, lalana tsy nisy nanamboatra no nataontsika misosa sy vita tsara be.*

*Mazava ny lalana hizarantsika! Lalana mampiray ny faritra maro ary koa mitondra fampandrosona ho antsika Malagasy rehetra.*



**575 Km** ny lalana rarivato hataontsika  
- tsy latsaky ny 5km isaky ny faritra no  
ho vita anatin'ny 5 dimy taona.



**505 km**  
ny lalampirenena  
vita

**RN44** : Moramanga - Ambatondrazaka

Efa nahazo famantsim-bola isika koa hiroso amin'ny fanavaozana ny lalampirenena RN10 mampifandray Andranovory sy Ambovombe izay mirefy 400km, ary fanavaozana sy ny fikojekoana ihany koa ny lalampirenena RN 31 Mangoaka miantafa any Bealanana izay mirefy 500km.

Efa nanomboka ny «Autoroute» mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, rehefa vita io lalana mirefy 260km. Adin'ny 2 sy sasany monja dia ho today antoerana ireo mpandeha.

Lalana tsy latsaky ny 4.900 km mampiray ny Malagasy hamboarina ny Lalan'ny Mascandro mampifandray Mananjary à Maroantsetra (map route du soleil)



**RN5A** : Moramanga - Ambatondrazaka

Ary ny "Route de la Concorde" izay hamakivaky ny Anosy - Androy - Atsimo Andrefana - Menabe - Melaky - Boeny - Sofia - Diana (map route de la concorde)



**RN9** : Toliara - Manja



**RN 44**



**RN13** : Carrefour RN7 Ijalainy - Taolagnaro



**Lalana tsara sy maharitra hatramin'ny 25 taona farafahakeliny no apetrantsika ho lovain'ireo taranaka. Ary mendrika fotodrafitrasa tsara sy manarapenitra ny vahoaka.**





# NY FANJAKANA MANAKAIKY VAHOAKA NO TENA FANAPARIAHAM-PAHEFANA SY FITSINJARAM-PAHEFANA TENA IZY



**Tsy misy distrika adino.**

Ankoatra ny fametrahana ny biraom-panjakana manakaiky vahoaka dia niavaka ihany koa ny fampitaovana ireo sampan-draharaha isatsokajiny ao anatin'ny fanapariaham-pahefana sy fitsinjaram-pahefana



Nisitraka fampitaovana toy ny fiara tsy mataho-dalana ireo prefektiora sy disitrika manerana ny nosy.



Nahazo « moto » avokoa ireo ben'ny tanàna eto Madagasikara.



**06**

Hôtel des Finances Régional  
SAVA, Boeny, Diana, Atsimo  
Andrefana, Matsiatra Amboany, Anosy



Natsangantsika ireo fotodrafitrasa manakaiky sy ilain'ny vahoaka : sekoly, hôpitaly na koa ireo biraom-panjakana. Nametraka isika ny Drafitra nasionaly ho an'ny fampizakantenan'ny faritra. Misitraka feno ireo fitaovan-dehibe sy ireo vola fanampiana ny isam-paritra ka mahaleo tena lavitra kokoa amin'ny fitantanana eny ifotony.

## NOJERENA MANOKANA NY FARITRA

Sambany teo amin'ny tantara no nahafahan'ny faritra nisitraka subventions d'investissement mitentina

**2.000.000.000 Ar isan-taona**

nampiasaina tamin'ny fanamboarana lalana rarivato « pavé » isaky ny distrika.

Nampiakarina ho **420.000.000 Ar isan-taona** ny subventions de fonctionnement isaky ny faritra raha toa ka 210.000.000 Ar teo aloha.

Notolorana milina lehibe fanamboaran-dalana na « pack d'engins » ihany koa ny faritra raha toa ka tamin'ny Repoblika Voalohany no nisy an'izany farany.



## KAOMININA

Nampiakarina 30.000.000 Ar isan-taona ny subventions de fonctionnement eny amin'ny kaominina rehetra raha toa ka 15.000.000 Ar teo aloha.

Nampiakarina ny tambin-karaman'ireo Selo

fokontany izay mitontaly 10 402 420 000 Ar isan-taona.

**10**

Biraon'ny

Prefektiora manarapenitra

Ambositra, Antsirabe,  
Manakara, Nosy Be,  
Tsiroanomandidy,  
Antsiranana, Morondava,  
Fianarantsoa, Toliary,  
Mananjary

**44**

Biraon'ny

Kaominina manarapenitra



Lapan'ny tanàna manarapenitra



# KABARIN'ANDRIAMATOA FILOHA ANDRY RAJOELINA FANOLORANA ARA-POMBA OFISIALY NY ASA FANARENANA NY LAPA MANJAKAMIADANA & LAPA BESAKANA - 06 NOVAMBRA 2020

Raha zohina ny tantaram-pirenena, sy ireo taona nanamarika izany, dia misarika ny saina, ary mahaliana sy mahavariana tokoa, ny mandinika ireo daty nanamarika ny tantara : tsy misy ny kisendrasendra !

Satria tokoa mantsy, raha t<sup>o</sup> taona 1895, nidoboka ny tafondro, voatitra Anatirova, resy ny Malagasy, saina fotsy no natsangana tety. Very nanomboka teo ny fiandrianam-pirenena. Rehefa voazanaka isika dia nesorina avokoa ireo mariky ny fiandrianam-pirenena rehetra, anisan'izany : ny mpanjaka natao sesitany, ny satro- boninahitry ny tatarom-piandrianinana nentina naranty tany ivelany.

Tamin'ny 5 Novambra 1910 tokoa mantsy no napetraka tao amin'ny mozana'ny tafika Frantsay, na ny Musée des Armées Françaises tao @ Hotel des Invalides io satro-boninahitry ny tata-ro-mpiandrianan'ny Mpanjaka Ravalalona III io.

Ny 5 Novambra 2020, izany hoe 110 taona katroka aty aoriana, tafaverina soa aman-tsara an-tanindrazana izany. Izay zava-tsarobidy tokoa amin'ny Malagasy, indrindra ho an'ny mpandalina ny tantara.

Raha resy isika tamin'ny 1895, indriny fa 100 taona taty aoriana, ny taona 1995, dia nanjombona indray ny tantaram-pirenena, satria may Anatirova.

Fa androany kosa, 6 novambra 2020, 25 taona katroka aty aoriana : vory lanona eto isika mianakavy, hamafa ny alahelo. Dibok'afaliana satria ny lasa lavenona no narenina indray.

Ny alahelo sy tomany dia lasa tsiky sy haravoana ary mamelona ny fanantenana indray.

Maro ny tantara nanamarika ny fanjakana teto Madagasikara ary iraisantsika rehetra izany.

Ary samy nanana ny anjara avokoa ny Malagasy tia tanindrazana rehetra.

**Izay mety ho fahasamihafana dia tokony ho harena hitondra makany amin'ny fandrosoana fa tsy fihemorana, ka izay mampitambatra dia ifikirantsika, ary izay mampizarazara kosa, dia ho avelantsika.**

Araka ilay ohabolandrazana hoe: " izay mitambatra vato izay misaraka fasika" :

**ny Malagasy dia iray ary i Madagasikara dia foin-janahary ho Nosy iray.**

Tokana ny tanjona ary iraisana dia ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Adidintsika ankehitriny ny mampita sy mampiaina indray ny tantara ho an'ny taranaka fara mandimby.

Eo anatrehan'izany dia noraisintsika ho fanamby ny fanarenana indray an'ity vakok'i Madagasikara ity ary anisan'ny Velirano nataoko tamin'ny vahoaka Malagasy izany.

Raha tsy nandray andraikitra tokoa mantsy isika, dia very an-javona ny tantaram-pirenena.

Raha toa ka tsy niara-niselaha isika nanangana sy namerina indray ny Rova, dia maty momoka ny herim-po sy ny fanolorantenan'ireo Malagasy tia Tanindrazana, niaro sy niady ho an'ny fiandrianam-pirenena.

Naverina amin'ny laoniny avokoa ny firafitry ny tao-trano sy ny endriky ny lapa, tahaka ny tany am-piandohana. Narafitra tsirairay ny vato sy ny hazo. Nokeliana ny gorodona sy ny valindrihana nanaraka ny endriny fahiny. Ireo karazan-kazo nosafidian' ireo mpanjaka fahiny no nandrafetana azy indray. Ireo temotra sy sary rehetra dia namboarina hitovy tanteraka amin'ireo may.

Nanangana sy nanarina isika fa tsy nandrava, namerina amin'ny laoniny ny tantaram-pirenena.

Ny andraikitra ny filohan'ny Repoblika rahateo moa dia ny miantoka sy mitandro ny fiarovana sy ny fanajana ny fiandrianam-pirenena na eto an-toerana na any ivelany.

Izy no miantoka ny Firisam-pirenena.

Ny fikasana no an'olombelona, fa ny fandaharana no an'Andriamanitra. Na inona tokoa mantsy fikasana, na inona fanakanana, ny zavatra rehetra dia efa voalahatra avokoa amin'ny fotoana mahamety azy.

Rehefa manana finoana isika, rehefa miasa am-pitiavana, miasa ho an'ny Tanindrazana, dia tsy maintsy tanteraka ny fikasana.

**NY LAMBA FOTSY MARIKY NY FAHARESENA TANY ALOHA, DIA HOESORITSIKA TANTE-RAKA HO MARIKY NY FIJOROANA INDRAY ARY MANAMARIKA NY AINGA VAO HOEN-TITSIKA HANARENANA NY FIRENENA TOY NY FAHAVITAN'NY LAPAN'I BESAKANA.**

Manomboka androany Rovan'i Madagasikara no iantsoantsika an'Anatirova.

Ny firenena tsy mitahiry ny tantarany dia toy ny firenena very fanahy.

Koa Adidiko, Adidinao, adidintsika ny manome lanja indray ny kolotsaina sy ny vakoka Malagasy.

Ny fanarenana ny vakoka izay ataontsika dia manome lanja ny lasa, manamarika ny anio ary mibanjinana ny hoavy. Hisokatra ho an'ny vahoaka Malagasy rehetra tsy an-kanavaka manomboka eto.

Ity Rova ity dia mariky ny firaisam-pirenena, mampiray ny Malagasy avy amin'ny lafy valon'ny Nosy rehetra. Rehefa natao ny Velirano amerenana indray ny hasin'ny vakoka Malagasy dia tontosa izy ankehitriny ary manamarika ny fitanana ny teny nomena.

Voarakitra ary tsy azo fafana eo amin'ny tantaram-pirenentsika ny ezaka lehibe sy goavana niarahantsika nanarina indray ny lavenona ho vakoka ho rehehan'ny taranaka Malagasy.

Tandindon'ny lasa ity Rova ity, endriky ny ankehitriny, fa indrindra taratry ny ho avin' ny firenena. Ho rehehan'ny Malagasy ny rovan'i Madagasikara.

Koa raha manana ny fitiavan-tanindrazana marina isika dia hiaraka hiarina, hiaraka hijoro, ary hamiratra ity Nosy malalantsika ity.



Andriamatoa Filoha Andry RAJOELINA



Lapa Besakana



Seza fiandrianan'ny Mpanjaka vavy



Ankehitriny isika Mamerina ny lasa, manome lanja ny anio, ary mibanjina ny ho avy . Izay tokoa ity Rovan'i Madagasikara ity. Satria manan-danja amiko loatra ny tantaran'ny Firenena.



## MANANDANJA AMIKO LOATRA NY TANTARAN'NY FIRENEKO

MADAGASIKARA TSY MAINTSY MANDROSO

Izay no antony nananganantsika indray ireo efa lasa lavenona

Nanangana sy nanarina isika.

Tafaverina ny vakoka lasa lavenona. Namerina amin'ny laoniny ny tantaram-pirenena.



### 6 NOVAMBRA 1995, LASA LAVENONA NY ROVA MANJAKAMIADANA

Lelafo miredareda,

Setroka mameno ny lanitra

Ny hotohoton'ny afo, izay nandrava. May sy kila firehatra Anatirova.

Kiakiaka, tomany sy alahelo. Torotoro ny fo, latsaka ny ranomaso.

Ketraka ny saina.

Lavenona sisa no tavela. Namela takaitra tao am-po.

Nitomany ny Malagasy.

Ny **Rovan'i Madagasikara** iray manontolo no nasiana fanamboarana sy fanavaozana fa tsy Manjakamiadana ihany. Ireo lapa rehetra izay may dia narenina avokoa.



Manana ny anjara toerany ao anatin'ity Mozaika lehibe indrindra eto Madagasikara ity ireo faritra miisa 23. Ampirantana ao amin'ny Lapan'ny Manjakamiadana ny vakoka mampivavaka ny faritra tsirairay.



Tatarom-piandrianan'ny Mpanjaka Mpanjaka Ranavalona izay harem-bakoka nampodiansika avy tany frantsa



Sabatry ny Praministra Rainilaiarivony



Asa fanarenana ny Lapa Besakana




Akenjon'ny Mpanjaka Ranavalona III



## NAMIRATRA I MADAGASIKARA TEO AMIN'NY SEHATRA IRAISAM-PIRENENA

Misongadina eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena isika. Firenena maro no miara-miasa akaiky amintsika.



**Joe Biden,**  
Filohan'i Etazonia



**John Kerry**  
Sekreteran-panjakana an'i Etazonia

**Kristalina Georgieva**  
Tala Joneran'ny FMI



**Paul Kagame**  
Filohan'ny Repoblikan'i Rwanda

Noho ny fametrahana vina mazava ho fampandrosoana an'i Madagasikara dia nametraka fitokisana tamintsika ireo mpiaramiombon'antoka sy mpamatsy vola iraisam-pirenena.



**Justin Trudeau,**  
Priministra an'i Kanada

Nijoro hatrany isika nitondra ny feon'ny kaontinanta afrikana ary sahy miady ho an'ny tombontsoan'i Madagasikara sy Afrika.



**Macky Sall,**  
Filohan'ny Repoblikan'i Senegal

Resy lahatra tamin'ny ezaka rehetra nataon'i Madagasikara izy ireo indrindra tamin'ny fametrahana ny fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly, ny tany tan-dalàna ary ny fanajana ny zon'olombelona.

Porofon'izany ny nahazoantsika ireo mari-pankasitrahana maro toy ny « Trophée du Grand Bâisseur » ka nahazoantsika ny loka « Babacar Ndiaye » ny taona 2023 izay natolotry ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana na ny BAD, noho ireo fotodrafitrasa maro be namboarintsika tao anatin'ny 4 taona mahery nitantanana ny firenena.



**Shinzo Abe**  
Priministra an'i Japona



**David Malpass,**  
Filohan'ny Banky iraisam-pirenena



**Emanuel Macron**  
Filohan'ny Repoblikan'i Frantsay



**Papa Franseoa**




**Cyril Ramaphosa,**  
Filohan'ny Repoblikan'i Afrika Atsimo

Ho an'ny 5 taona manaraka dia hiady hatrany ho an'ny tombontsoan'i Madagasikara isika.



## NANDRAY ANDRAIKITRA AM-PITIAVANA AMIN'NY FIAHIANA NY VAHOAKA RAMATOA MIALY R. RAJOELINA

“Manohina ny foko tokoa ny finyavan'ny vadiko hitsinjo manokana ny ren'y sy zaza Malagasy.



**3.728.000**

Sakafo masaka voazara  
tamin'ireo sekoly 20  
voakasiky ny Kere tany atsimo



Mitarika ireo vehivavy amin'ny andraikiny hamerenana  
Indray an'i Madagasikara ho rakotra ala



**7.734**

Noraisina an-tanana ao amin'ny ivon-toerana  
fandraisana ireo niheran'ny herisetra



**27.960**


Nahazo fizaham-pahasalamana  
eny ifotiny tany atsimon'i Nosy

Orinasa mpamokatra fanampin-tsakafo

**8.000.000** fonosana  
isan-taona



**FITOKANANA NY OZININA FAMOKARANA  
FANAMPIN-TSAKAFO HO AN'NY  
ANKIZY ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO**



**12**

Toby famokarana

Fikambanam-behivavy 820  
manerana an'i Madagasikara no efa  
nistraka fampitaovana ahafahana  
manodina ny vokatra eny ifotony.



“Tsy misy ho diso anjara ny tsirairay ary hifantoka tanteraka aminareo  
fikambanam-behivavy ny fandaharanasako amin'ny 5 taona manaraka.”

Niahy ny hetsika vaksiny faobe Ramatoa Mialy R. RAJOELINA

Vaksiny misa

**180 223 256**

no viza



## NATAO VAINDOHANDRAHARAHA HATRANY NY FAMPANDROSOANA NY TONTOLO AMBANIVOHitra

Fanambly napetrako hatrizay ny hamokatra eto Madagasikara izay rehetra ilain'ny Malagasy amin'ny fiainana an-davanandro.



Velarantany midadasika no najariantsiantsika tamin'ny ireo fotodrafitrasa goavana ho fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra

85% an'ny malagasy dia miaina sy mivelona amin'ny tontolo ambanivohitra.

Izany no antony nanovan'ny fitondram-panjakana asa manokana teo amin'ny fahiana ny mpamboly sy mpiompy.

Efa hita taratra ny fihatsaran'ny vokatry azo ankehitriny tao anatin'ny dimy taona nametrahana ireo fotodrafitra asa toy ny toha-drano, fantson-drano, toha-tany izay afaka hanondraka velarantany midadasika.

### 342

Lemaka voatondraka nohavoizina sy narenina tao anatin'ny 5 taona

Nahavitana nanitatra velarantanim-pambolena mirefy

### 240.654 Ha

Nampitomboina

### 73.024 Ha

ny velarantany afaka hambolena



Fitombon'ny famokarana Vary teto Madagasikara 21.5% ny taona 2023 raha mitaha ny taona 2019

### KARA-TANY

Be loatra ny fijalian'ny vahoaka amin'ny resaka fananantany nandritra ny taona maro, ary ny ankamaroan'ny ireo olana miakatra tribonaly dia olana ara-tany.

Miroso tanteraka isika amin'ny FIZARANA NY TANY HO AN NY VAHOAKA MALAGASY INDRINDRA NY TANTSAHA ary mitondra fitoniana eo amin'ny fananantany sy ny fiharamonina ary mampihena ny disadisa ara-tsosialy

Distrika

### 62

no efa nisitraka izany

### 910.975

ny karatany nivoaka teny anivon'ny birao ifoton'ny fananantany.



“ Tanjontsika ny hizara kara-tany amina Fianakaviana 2.000.000. Tsy maintsy averina amin'ny Malagasy rehetra ny tanin'i Madagasikara, Madagasikara dia nafoin'Andriamanitra ho nosy ho an'ny malagasy, ary ny tany dia tokony anasoavana ny mpiara-belona. ”




“——



**Pharmalagasy, ozinina malagasy famokarana fanafody - Antananarivo**

“ Mazava ny paikadintsika momba ny fampiroboroboana ny Industria ho an'ny 5 taona manaraka.

**59 indostria amin'ny seha-pihariana  
samihafa mamokatra eny amin'ny  
faritra 18**



- |   |   |   |  |
|---|---|---|--|
|  Fourrage, séchage (poisson, viande) |  Chips                   |  Séchage de fruit    |  Café                 |
|  Décafcartierie                      |  Cidre                   |  Fromage             |  Vin                  |
|  Sucrerie                            |  Rhum                    |  Farine de grain sec |  Savonnerie           |
|  Huiles (cuisine, oléagineux, etc.)  |  Glace alimentaire       |  Noodle              |  Concentré de tomates |
|  Conservation poisson                |  Gât de rafraîchissement |  Farine de macaroni  |  Meunerie / Farine    |
|  Imprimerie                          |  Peinture                |  Cosmétique          |  Textile              |
|  Produits laitiers / agricoles       |   |   |  |



# FANDAHARANASA NASIONALY HO AN'NY FANDRAHARAHANA



“


Mipoa-tsatroka anareo mpandraharaha amin'ny asa famoronana sy ny fanavaozana entinareo aho



Mpamokatra tantely nisitraka fanohanana ara-bola, Manakara

Aman'hetsiny ny tanora miditra eo amin'ny tontolon'ny asa isan-taona.

Namolavola ny fandaharanasa Fihariana isika raha nahita fa maro ireo tanora tsy an'asa eto Madagasikara. Hitako sy tsapako fa manam-piniavana sy talenta ho mpandraharaha ny tanora malagasy.



Mpifaninana tamin'ny 3, 2, 1 pitch by Fihariana nandray ireo tohana ara-bola sy ara-tekinika



## Hafa

Fahasalamana  
Fandraisan-bahiny  
Lamba  
Harena an-kibon'ny tany  
Fihazana  
Asa vaventy

Jona  
Indostria  
Fikajakojana  
Fonamboarana  
Fialam-boly  
Tolo-draharaha

Fampiana trondro an-doba  
Fanodinana sakafa  
Fizahan-tany  
Serasera  
Angova  
Fanodinana haza  
Taninketsa

“

Matoky tanteraka ireo tanora mpandraharaha Malagasy aho. Hiompiana bebe kokoa aminareo ny fandaharanasako amin'ny 5 taona manaraka hotohizantsika amin'alalan'ny Fihariana



148 mpisitraka ao Agnarafoaly

Famatsiam-bola navoaka nanomboka tamin'ny 2019

185  
miliara

185.877640.877 MGA

Distrika mpisitraka

106

Orinasa manara-drafitra

1.7k

1.785

Ara voafarona

26k

26.005

Mpisitraka

15k

15.053

43%

VEDIVIVV



57%

LEHIAHY



Mpamoka-bary ao Ambatondrazaka, nisitraka famatsiam-bola



Mpiompy akoho ao Antananarivo, nandray ireo famatsiam-bola sy tohana ara-tekinika



# NAMPISONGADINA SY NAMPAMIRATRA AN'I MADAGASIKARA NY FANATANJAHANTENA

**Nahita fandresena isika satria nahay niray hina**



NY KIANJANT' MAHAMASINA TEO ALOHA, RANA NAZAKA OLONA 20.000 DIA LASA MAZAKA MIHOATRA NY 40.000 NY KIANJA BAREA ANKEHITRINY. IO NO KIANJA LEHIBE INDRINDRA ETY AMIN'NY RANDOMASIMBE INDIANINA. TENA REHAREHANTSIKA MALAGASY.

**Feno fihetseham-po tanteraka ny vahoaka malagasy tsy vaky volo, nandray ny Lalaon'ny Nosy 2023 andiany faha-11.**

Tao anaty hambom-po pirenena, no nandraisantsika NY LALAON'NY NOSY, ary namiratra sy nahazo ny laharana voalohany teo alohan'ireo nosy rehevavy izay nifaninana isika : Maurice, La Réunion, Seychelles, Comores, Maldives ary Mayotte .

121 no medaly volamena nobatiny'i Madagasikara ary toy ny kintana mandrakotra ny lanitr'ity Nosy malalantsika ity ireny, mitondra fanantenana sy fahazavana.

## FANDRESENA ANATY FIRAISAN-KINA

Araka ny teny faneva izay naverimberina tamintsika rehetra dia tao anaty FIRAISAN-KINA tokoa no niara-nirone ny Malagasy rehetra, na teo amin'ny lafiny fikarakarana sy fandraisana vahiny, na teo amin'ny fanohana ireo atleta mahery fon'ny Malagasy. Hita misongadina fa rehefa miray hina ny Malagasy tsy mivaky, tsy voasaratsaraka dia mibata fandresena.

## NIBATA NY LAHARANA VOALOHANY I MADAGASIKARA NAHAZO 121 MÉDAILLES D'OR,

teo alohan'ny nosy Maurice, La Réunion, Seychelles, Comores, Maldives ary Mayotte

ATHLETISME (13 🥇)	KARATÉ (13 🥇)	RUGBY (2 🥇)
BASKETBALL (4 🥇)	KICKBOXING (7 🥇)	TAEKWONDO (13 🥇)
HALTÉROPHILIE (34 🥇)	LUTTE (8 🥇)	TENNIS (2 🥇)
FOOTBALL (1 🥇)	NATATION (5 🥇)	TENNIS DE TABLE (3 🥇)
JUDO (5 🥇)	PÉTANQUE (7 🥇)	PARALYMPIQUES (4 🥇)
BOXE (1 🥇)		



04 KIANJA LEHIBE - 18 KIANJA MANARA-PENITRA - 18 GYMNASIUM MANARA-PENITRA

Nohavaozina tanaty fotoana fohy avokoa ireo foto-drafitrasa azo handraisana lalao iraisam-pirenena toy ny lalaon'ny Nosy.



KIANJA MANARAPENITRA AO BARIKADIMY, TOAMASINA, FARITRA ATSIANANA



KIANJA MANARAPENITRA AO MAHITSY, FARITRA ANALAMANGA



NANDROMBAKA MEDALY VOLAMENA NY EKIPA VEHIVAVY BASKET-BALL ANKOAY LALAON'NY NOSY 2023

**“Ny fanatanjahantena dia mampiray ny Malagasy rehetra ary mampitombo ny hambom-pom-pirenena, mampiray hina**

Filalana lehibe no niainan'ny vahoaka malagasy rehetra isaky ny baolina maty, isaky ny tsipy kanety mandresy, isaky ny hazakazaka tonga any amin'ny farany. Fa indrindra, isaky ny redonina ny hiram-pirenena « RY TANINDRAZANAY MALALA OI »

Ny foto-drafitrasa izay nasorintsika dia nahafahana nandray izany lalaon'ny Nosy izany, ary ny fijerevana manokana ireo atleta no tena nahatonga antsika nibata fandresena.

Na nisy aza ny tsy nino, izaho sy ianareo nanangana avo ny FINOANA hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Ary izay rehetra atao am-pitiavana sy ao amin'ny finoana dia tsy maintsy tanteraka.



KIANJA MANARAPENITRA AO AMBOSITRA, AMORON'I MANIA




## NY FIZAHANTANY DIA ANISAN'NY MIANTOKA NY FAMPANDROSOANA

**Apetratsika ny vina ny handraisana mpizahatany vahiny miisa 1 tapitrisa ho an'ny taona 2028 eto Madagasikara.**



Tsingy de Bemaraha / Morondava

Anisan'ny Firenena mahasanka mpizahatany be indrindra eto Afrika i Madagasikara. Ny tontolon'ny fizahan-tany dia sehatra iray lehibe eo amin'ny fampandrosoana satria sady mamelona ny harinkarena no mamorona asa eo amin'ny sehatra maro hafa.



Raid de Montgolfières any amin'ny Allee des Baobabs / Morondava



Festike ao amin'ny Baie de Sakalava / Antsiranana



Nanangana ary mibola hanangana trano fandraisam-bahiny manaraka ny fenitra iraisam-pirenena hahazoana mahatratra efitra vaovao miisa 11 500.



Fametrana "Hubs" 2 lehibe ho an'ny sidina anatin'ny.



Namorona tolotra fizahan-tany vaovao isika [tourisme sportif, tourisme d'affaires, luxe, balnéaire, bien-être, ...] manampy ireo efa nahazatra ny mpizahatany teo aloha [natioa, kolontsaina].



Nisokatra amin'ny tsenam-barotra vaovao (fanitra afovoany sy atsinanan'i Eoropa, India, tapany atsimon'i Afrika, ...) ho fanampin'ny tsena mahazatra (Frantsa, Italia, Alemaina, Angletana, ...).



Nampitombo ny isan'ny sidina miditra eto Madagasikara ahazoana mampiakatra 24 000 ny toeram-piaramanidina.



Nampanaraka fenitra iraisam-pirenena ny seranam-piaramanidina (Toliara, Taolagnaro, Morondava, Mahajanga, Sainte-Marie ...).



Hôtely lehibe ao amin'ny Nosy Ankao / Antsiranana





## MITOHY NY EZAKA FAMPISITRAHANA ANGOVO HO AN'NY MALAGASY

“ —

Ny fampivoarana ny angovo no antoky ny fitomboana ara-toekarena

**50 MW**  
ny angovo azo avaozina azo avy amin'ny **masoandro**




- Ihazolava • Tolagnaro • Toliara
- Toamasina • Sambava • Mahajanga •
- Antsiranana • Antalaha •
- Ambatondrazaka • Ambilobe • Nosy Be
- Antsirabe II • Marovoay •
- Maevatanana • Antsohihy

**497 MW**

ny totalin'ny herinaratra hovokarina, izay azo avy amin'ny masoandro, rano sy solika.



Tobim-pamokarana herinaratra Farahantsana Mahitsy



**65 MW**

efa vita azo avy amin'ny **rano**

• Andekaleka • Vohiposa •  
Farahantsana • Bealanana

**184 MW**

an-dalam-pahavitana

• Ranomafana 64 MW  
• Volobe 120MW

**105 MW**

avy amin'ny **solika**

an-dalam-panatanterahina ao Ambohimambola



Lalan-kely, andrenivohitra sy ambanivohitra, no misitraka jiro ao anatin'ny fandaharanasa "Hazavao ny elakelant-rano"



**30.000**

"Branchements Mora" tonga eny amin'ny tontolo ambanivohitra

“

Miasa isika, mikaroka vahaolana maharitra ary mitsinjo ny taranaka hifandimby.



# MADAGASIKARA MAODERINA NO TANJONA



Vina vaovao sy fanamby tsy mbola nisy nanao teto  
Madagasikara ireo tetikasa hiarahantsika mametraka.

## 1. TANANA VAOVAO TANAMASOANDRO

Tery sy tsy maharaka ny fitombon'ny mponina intsony ny tananan'Antananarivo ka mahatonga ny fitohanana'ny fifamoivozana sy mampikatro ny fiharian'ny mponina. Ny fanakana no hanajary ny tany sy hanangana ireo fotodrafitrasa ho an'ny sampandraharahan-panjakana samihafa, hiandraikitra ny fampidirana jiro sy rano, hametraka ny drafitra fanajariana ny tanàna ; ny ankohonana tsirairay avy kosa no manorina ny trano fonenany ao anatin'izany tanàna vaovao izany.



TANAMASOANDRO

## 2. PIPELINE ANY ATSIMON'NY NOSY



Fanombohana ny tetikasa Pipeline Efafo, Ambovombe - Androy

Manohina ny foko ary mankarary ny aiko ny mahita mpiray tanindrazana amiko mijaly rano, tsy ampy sakafo, maty mosary. Olana lehibe sedrain'ny mponina any atsimon'ny nosy ny haintany izay miteraka kere noho ny tsy fisian'ny rano any an-toerana.

Tsy maintsy napetrantsika araka izany ny tetikasa fametrahana fantsona lehibe any amin'ny fanitra Androy sy Anosy ho famahana maharitra izany olana izany. Ny fanomezan-drano dia fanomezana aina. Rehefa tontosa io tetikasa io dia afaka hiary sy hivelona amin'ny fambolena sy fiompiana soa aman-tsara ny mponina.

- Halavan'ny fantsona : **97km**
- Isan'ny mpisitraka : olona manodidina ny **165 000**
- Tanimboly ho voatondraka : **10 000 ha**
- Isan'ny tanàna holalovany : maherin'ny **60** ao amin'ny distrikan'i Taolagnaro sy Amboasary atsimo ary Ambovombe



**Hotohizana ireo asa goavana manerana ny Nosy ho lovainjafy,  
ireo fotodrafitrasa vaovao tsy mbola nisy nanatontosa hatrizay, mipetraka hanasoa  
sy hampandrosoana ny fiainan'ny Malagasy.**



### 3. FITAOVAM-PITATERANA VAOVAO «TRAIN URBAIN»

Nataontsika ny Train Urbain, miainga eo Soarano hatreny Amoronakona. Hanala fahasahiranana sy hanamora ny fitaterana ireo olona sy ny entana izany.

Natomboka ihany ny fanamboarana ny Teleferika na ny fitaterana an-teriby izay misy zotra roa :

- Ny zotra volomboasary hampitohy an'Anosy sy Ambatobe,
- Ny zotra maitso hampitohy an' Anosy sy Ankatso.



### 4. TRANO FONENANA ARA-TSOSIALY : fanomezana trano fonenana sahaza ho an'ny tokantrano Malagasy.

Tamin'ny Repoblika voalohany nitondran'ny Filoha Philibert Tsiranana no nisy fanorenana cité farany teto : Ambohipo, Ampefiloha, 67ha.

Ankehitriny dia manangana cité sy building vaovao eto amin'ny Nosy isika :

- Trano mora duplex : **720** isa
- Immeubles mora : **186** appartements
- Trano mitokana (individuelles) : **181** isa
- Trano nentim-paharazana natsarina hahazaka rivodoza
- Fandaharanasa fanomezana zaratany manomboka amin'ny **150m2** amin'ny vidiny mora azo hanorenana avy hatrany : **1076** isa efa voajary sy voazara.

